# “Avy amin’ Andriamanitra ireo fanomezam-pahasoavana ireo”

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:13–26 ary fantaro ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy samihafa omen’ Andriamanitra ny zanany. Mba hahatakarana kokoa ny fomba ahafahan’ireo fanomezam-pahasoavana ireo hitondra soa ho an’ireo zanak’ Andriamanitra, dia ampifanaraho amin’ny toe-javatra mifanaraka aminy ny andininy tsirairay.

| **Fanomezam-pahasoavana ara-panahy** | |
|---|---|
| 1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:13 | A. Fony filohan’ny kilasin’ny Zatovovavy i Michelle dia afaka nahafantatra ireo zavatra samihafa hain’ny mpianatra. Ny fahafantarana izany dia nanampy azy hanome asa iandraiketana izay ahafahan’ny mpianatra sahaniny mitondra anjara biriky sy manompo amin’ny fomba manan-danja. |
| 2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:14 | B. Teo am-pihainoana ny fijoroana ho vavolombelona ananan’ny hafa, dia tsy nahazo antoka loatra i Samantha hoe afaka ny hanatevin-daharana azy ireo amin’ny filazana fa fantany fa marina ny Fiangonana. Saingy ny fihainoana ny fijoroana ho vavolombelona ananan’izy ireo dia mampitombo ny finoany ny Mpamonjy. Izany finoana izany dia manentana azy hanohy hiaina amim-pahatokiana. |
| 3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:15 | C. Nasaina hanatrika fety iray i Lucy. Na dia tsy nisy nanome antsipiriany momba izany aza dia nahatsapa ho tsy nahazo aina izy hanatrika izany. Nolaviny tamim-pahalalam-pomba ilay fanasana, ary na dia sarotra aza izany, dia tsapany fa nety ny nataony. |
| 4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:16 | D. Nanampy mpaminany maro ny Tompo mba hilaza mialoha izay hitranga any aoriana, anisan’izany ny asa fanompoan’i Jesoa Kristy (jereo ny Isaia 7:14; 1 Nefia 11:27–28; Môzià 3:5–10). |
| 5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:17–18 | E. Rehefa niezaka niaina ny filazantsara sy nivavaka tsy tapaka ary nandalina ny soratra masina i Robert dia nanjary fantany fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy azy. |
| 6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:19–20 | F. Nandalo fahasarotana i Elder Vasquez sy i Elder Cox teo amin’ny asa fitoriana. Na izany aza, dia tapa-kevitra ny hanompo amim-pinoana an’i Jesoa Kristy izy ireo. Rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka nahita fo nihanalefaka izy ireo ary nisy fahagagana niseho teo amin’ny fiainan’ireo olona nampianariny. |
| 7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:21 | G. Rehefa marary i Mark dia fantany fa afaka mangataka tsodranon’ny fisoronana amin-drainy izy. Imbetsaka no dia nitondra fiadanana sy hery fanampiny ho azy ireo tsodrano ireo. |
| 8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:22 | H. Nisy lahatsoratra iray tao amin’ny tambajotran-tserasera nahatonga ny iray tamin’ireo naman’i Alice hanana ahiahy momba ny finoany. Rehefa nizara ilay lahatsoratra tamin’i Alice izy, dia fantatr’i Alice fa tsy avy amin’ Andriamanitra ilay fampahalalana. |
| 9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:23 | I. Nasaina nampianatra ny kilasin’ny Zatovovavy i Judie. Rehefa nikatsaka ny fanampian’ny Ray any An-danitra izy dia nahatsapa ho notarihina tao anatin’ny fiomanany ary afaka nampianatra lesona iray mitondra fankaherezana. |
| 10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:24–25 | J. Rahavavy Erickson dia voantso hanao asa fitoriana any amin’ny firenena hafa. Rehefa nikatsaka ny fanampian’ Andriamanitra izy ary niezaka nianatra ilay fiteny dia hitany fa afaka nahatakatra ny hafa sy nizara ny fijoroana ho vavolombelona nananany tamin-kery. |

NY FIANGONAN’ I
JESOA KRISTY
HO AN’ NY OLOMASIN’ NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_192-1